



## FIADIDIANA NY REPOBLIKA

-----

**Didim-panjakana laharana faha 2019-1397 anekena ny fametraham-pialàn'ny Governemanta sy ampisahanana azy ny fampandehanan-draharaha andavanandro mandra-pitsanganan'ny Governemanta vaovao**

### **NY FILOHAN'NY REPOBLIKA,**

- Araka ny Lalàmpanorenana,
- Araka ny taratasy fametraham-pialàna natolotry ny Praiminisitra NTSAY Christian androany 18 jolay 2019

### **DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PANJAKANA IZAO:**

**Andininy voalohany.**- Ekena ny fametraham-pialàna natolotry ny Praiminisitra NTSAY Christian, amin'ny anarany sy amin'ny anaran'ny Governemanta.

**Andininy faha 2.**- Sahanin'ireo mpikambana nametra-pialàna, araka izay manandrify ny tsirairay avy, araka ny firafitry ny Governemanta ankehitriny hatramin'ny datin'ity didim-panjakana ity, ny fampandehanan-draharaha andavanandro mandra-pitsanganan'ny Governemanta vaovao.

**Andininy faha 3.**- Foanana ary dia foana ireo fepetra rehetra teo aloha ka mifanohitra amin'izao didim-panjakana izao indrindra ny didim-panjakana :

- laharana faha- **2019-016** tamin'ny 21 janoary 2019 anendrena ny Praiministra, Lehiben'ny Governemanta ;
- laharana faha- **2019-026** tamin'ny 24 janoaray 2019 novaina sy nampian'ny didim-panjakana laharana faha-2019-360 tamin'ny 20 martsa 2019 anendrena ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta.

**Andininy faha 4.**- Noho ny amehana, ary araka izay voalazan'ny andininy faha 4 sy faha 6 ao amin'ny hitsivolana laharana 62-041 tamin'ny 19 septambra 1962 mikasika ny fepetra ankapobe momba ny lalàna ifampitondrana eto an-toerana sy ny lalàna iraisam-pirenena ifampitondran'ny isam-batan'olona, dia manan-kery avy hatrany izao didim-panjakana izao raha vantany vao ampahafantarina amin'ny alalan'ny fampielezam-peo na fahitalavitra, ankoatry ny famoahana azy amin'ny *Gazetim-panjakan'ny* Repoblika.

Natao teto Antananarivo, ny 18 jolay 2019.

**Andry RAJOELINA**